
# Ry namana malala,

Ny Alahadin'ny Sampan-drofia amin'ity taona ity dia amin'ny alahady farany amin'ny volana martsa. Izany no fotoana ankalazantsika ny andro nitaingenan'i Jesoa boriky ho any Jerosalema. Nanofahofa ravin-drofia ny olona ary nianatsoantso hoe: "Hosana!" Andro vitsivitsy taty aoriana dia nijaly sy maty ho antsika i Jesoa. Avy eo dia natsangana tamin'ny maty Izy! Manantena izahay fa hahankafizinao izany fotoana manokana izany hahatsiarovana ny zavatra nataon'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa ho antsika (jereo ny Jaona 3:16). Noho Izy Ireo dia afaka miaina indray isika rehetra!

Amim-pitiavana,

*Namana*

Fanamarihana: Pejy firy momba an'i Jesoa no hitanao ato amin'ity laharana ity?




**IREO TOERANA AMAKIANAY NY *NAMANA***

Tianay ny mamaky ny Namana! Manampy anay hahatsiaro ho tsy manirery izany satria izahay irery no mpikambana ao amin'ny Fiangonana ao amin'ny tanàna misy anay. Vakinay amin'ny teny alemà sy holandey izany satria avy any Hôlandy ny mamanay ary avy any Alemana ny dadanay.

**I Lars sy i Torben S., 5 taona sy 3 taona, Basse-Saxe, Alemana**




**TIANAY NY MAHITA NY TEMPOLY**

Mipetraka akaikin'ny tempolin'i Barranquilla Colombie izahay ary mitsidika azy isa-tapa-bolana. Manampy anay hahatsiaro ireo fanekempihavanana hataonay amin'ny Ray any An-danitra izany.

**Kilonga ao amin'ny sampan'i Puerto Colombia, Colombie**



**AORENO NY ANAO MANOKANA**

Nianatra ny fomba nanaovan'i Nefia sambo iray aho (febroary 2020) ka te hanamboatra iray manokana aho mba hahatakarako ny zavatra tsapan'i Nefia. Sarotra izany tamin'ny voalohany, saingy nianatra ny tsy hiala sy hatoky ny Tompo toa an'i Nefia aho.

**Ian D., 9 taona, Veracruz, Meksika**